SEHATRA FANARAHA-MASO NY FIAINAM-PIRENENA
Observatoire de la Vie Publique
Lot III M 33 K Andrefan'Ambohijanahary, Antananarivo 101
Tél. 032 59 761 62 Email : sefafi@gmail.com Site Web : www.sefafi.mg

Eto an-drenivohitra, fanamboaran-dalana araka ny danin'ny kibo sy misavoritaka

Tsy misy tsy mikaikaika noho ny faharatsian'ny lalana sy ny tamba-jotran'ny fanadiovana any amin'ny kartie eto Antananarivo ? Efa tena finiavana hanakiana fotsiny kosa ny tsy hankasitraka ny fanamboarana natao hampisosa kokoa ny fifamoivoizana eto afovoan-tanàna sy mankany amin'ny manodidina azy. Ny andrasana dia ny fiantohana azy ireny hateza sy ny fanatsarana ny fiantraikany amin'ny mpampiasa azy rehetra. Efa fanambarana mahasoa ny nataon'ny ministeran'ny Fanajariana ny tany, ny Fonenana ary ny Asa vaventy izay maneho fahavononana tsy handefitra amin'ny fanajana ny bokin'andraikitra ary koa ny efa nibaikoana ny hamerenana ny asa tsy vita araka ny nilàna azy.

Orinasa tsy tena za-draharaha

Miharihary fa miovaova arakaraka ny orinasa sy arakaraka ny kartie ny kalitaon'ny asa : angaha samy hafa ny bokin'andraikitra arakaraka ny satan'ny kaomina sy ny boriborintany voakasiky ny asa ? Samy manana ny fomba itantanany ny asany daholo ny orinasa nahazo ny tsena sy ny mpiantoka miaraka aminy : ny an'ny sasany tena mikorontam-belona, ny sasany kosa manaraka lamina sady hentitra kokoa. Misy sasantsasany efa zatra manao asa tsy andaniam-bola araka izay azo atao ka tsy miraharaha izay kalitaon'ny akora na ny zava-bitan'ny fitaovana ampiasainy ! Efa amin'izao taonjato faha XXI izao, ary ho an'ny asa goavam-be toy itony, ny fitaovany dia mbola irony masinina mpitoto manizina efa antitra be irony foana no ampiasainy nefa tsy natao ho an'ny fanotofan-dalana velively ireny, ny milim-barafasy ampiaisainy dia bitika kely tsy mahazaka 100 litatra akory ary tsy mifanaraka mihitsy amin'ny asa goavana, mbola ny fandaloran'ny mpanao trano sy ny kofafa no amitana ny tampon'ny sisin'arabe.

Tsy mahagaga raha tsy voahaja ny tetiandro. Mora be ny karama omena ny mpiasa izay matetika raisina fotsiny tsy misy fanivanana ; ka azo antenaina ho manana kalitao ve ny asa vita amin'izany ? Ny mpiasa tsy manana traikefa fa zatra fotsiny manao lalotra madinidinika eny dia izay saim-pantany fotsiny no ataony, tsy misy lehibe manampy azy na mpanara-maso ny asa sahaniny. Porofon'izany ny fametahana ny rary vato izay mitaky fahaiza-manao manokana : mba hanondrotana ny haavon'ny lalana vita rary vato dia nalentika fotsiny ny faritra mikasika ny sisin'arabe, dia nisy tanimena napariaka ho fanambaniny ary narary teo ambonin'io ny vato didy dia norakofana tanimena indray, tsy noraharahainy akory izay fototra iorenany. Mazava loatra fa vao avy ny orana dia nofaohiny ny tanimena ary niletsy ny arabe.

Tokony ho tsikaritra ny zavatra tsy nety toy ireny raha nisy fanaraha-maso sy fijerena akaiky nataon'ny orinasa nahazo ny tsena etsy an-daniny, ary toy izany

koa ny sampan-draharaha teknika avy ao amin'ny ministera sy ny birao mpanamarina sy mpanara-maso ny asa vaventy etsy an-kilany. Toy izay hanao fitokanana ofisialy tsy ilaozan'ny kabary tsy misy farany, tsy mety kokoa ve ho an'ny tompon'andraikitra ara-panjakana sy ny ministera ny misafo tampoka ny asa ka mijery mivantana ny kalitaon'ny asa mba hahazoana mandray ny fepetra ilaina ?

Natao sorona ny mpandeha tongotra, tsy noheverina ny sembana

Ny voa mafy indrindra tamin'ireo asa ireo dia ny mpandeha tongotra ; fanadinoana manafintohina satria izy ireny no 95%-n'ny mpampiasa lalana. Misy kaomina sasany ahitana sisin'arabe tsy manaraka fenitra, na tsy misy fotsiny izao, toy izany koa ny fiampitana voaaro ho an'ny mpandeha tongotra. Etsy Bemasoandro sy Andranonahoatra manokana, ny velarany dia nampifanarahana tamin'ny faritra efa nipetrahan'ny sasany an-keriny fotsiny satria tsy sahin'ny manam-pahefana noravana ny tranoheva vita amin'ny hazo na ny trano vita amin'ny akora mafy, tsy sahiny norarana koa ny fanaovana asa eny amin'ireny faritra marobe natokana ho an'ny mpandeha tongotra ireny. Izay fanitarana vitsivitsy mba natao dia ho an'ny tombontsoan'ny mpanao garazy, ny mpivarotra entana fanaovan-trano, ny trano fikojakojana ny tarehy, ny trano fisakafoana, ny mpivarotra zava-pisotro, ny mpivaro-mandeha « mibodo » ny sisin'arabe.

Ary iza moa no mandidy ny amin'ny fanamboarana na fanafoanana ny fiampitana voaaro ho an'ny mpandeha tongotra ? Talohan'ny asa, zara izy ireny raha nisy, nataotao fotsiny teny rehetra teny, ary tena zara raha hita soritra. Taorian'ny asa, ireo tena nilaina sy be mpampiasa indrindra dia nofoanana : toy izany ohatra ny fiampitana voaaro nahafahan'ny olom-pirenena nankao amin'ny lapan'ny tanàn'ny boriborintany faha IV° ; tsy lavitra an'izany, ny fiampitana voaaro mankany amin'ny tsenan'i Soamanatombo efa nasiana marika ara-dalàna eo amin'ny arabe, nefa ny zorony efatra amin'ny sisin-dalana tsy nahetry akory, ahafan'ny olona miampita tsy ampihambahambana. Kanefa tsy lavitra eo akory, manoloana ny Antenimierandoholona, 50 metatra aty alohan'ny faritra tsy maintsy ihodinana eo Anosy dia nisy lalana novakiana ho an'ny fiara tsara tarehin'ny loholona, amin'izay ry zareo tsy voatery intsony hanaraka ny arabe mihodidina izay be mpampiasa loatra…

Ary ny amin'ny sembana, mifalia isika rehetra fa angamba tsy misy azy ireny intsony eto amin'ny tanànan'Antananarivo na iray aza ! Raha tsy izany ve tsy mba ho nanamboatra sisin'arabe manamora ny fandehanana amin'ny seza misy kodiarana hankanesana any amin'ny tranom-panjakana sy any amin'ny toeram-pivarotana. Eny ! Ireo namolavola ny asa dia tsy mivaky loha mihitsy ny amin'izay andavanandron'ny mponina, saingy voakolokolony fatratra kosa ireo mpitondra antsika.

Baranahiny eo amin'ny lalàna, tsy fandraisana andraikitra eo amin'ny toekarena

Tahaka ny azo atao daholo ny zava-drehetra, satria samy tsy misy miraharaha ny fitsipika momba ny fanorenana eny amin'ny lalana sy ny faritra fananam-panjakana, ary mahavariana fa matetika dia mijery fotsiny ny fitondrana[1]. Mbola

1. « Tanim-panjakana. Tsy azo anorenana. Fandroahana izay mipetraka tsy ara-dalàna eo raha ilaina ». Ahoana no fandraisana an'io takela-tsorabaventin'ny fitantanana jeneralin'ny Fanajariana ny tany io, natao peta-drindrina ombieny ombieny eny amin'ny lalana mankeny Itaosy efa fahoviana aman-tany ? Nahoana raha nampiharina tsotra fotsiny izao

mifandray amin'izany ihany, ny ankamaroan'ny andrin-jiro dia tafiditra any amin'ny tokotanin-tsekoly na trano fonenana, misy aza indraindray tena miteronterona mihitsy eo afovoan'ny efotrano iray ! Ny tanànan'Itaosy dia tsy afa-bela amin'izany. Fahita any amin'ny kartie maro eto an-drenivohitra io toejavatra io, eny amin'ny 67 ha, eny Antohomadinika, sns. Manaraka ny lalam-pirenena eny matetika mihitsy no ahitana baorina kilaometrika tafiditra any anaty tanànan'olona.

Iza no mbola manaraka ny fepetran'ny lalànan'ny fifamoivoizana ? Ny fandikan-dalàna toy ny fiantsonana[2] sy ny fijanonana hampidina entana eny amin'ny sisin'arabe, ny fandehanan'ny saretin'omby mifono vy ny kodiarany sy ny kamiao goavambe tsy sahaza ny lalana eto an-toerana, ny namadihana ireo mba hany ambinambin-tsehatra maitso, arabe sy sisin'arabe nanjary toeram-pivarotana fiara tonta, ny fanasana fiara eny amin'ny lalam-bahoaka, leferina daholo izao rehetra izao nefa anie ireny no manimba ny fotodrafitrasa.

Ny rano no fahavalon'ny lalana voalohany indrindra. Tsy manamora ny asan' ny orinasa nahazo ny tsenan'ny asa[3] ny tsy fisian'ny lakandrano sy ny tambajotran'ny rafitry ny fanadiovana, mainka koa manahirana noho ny fihamaroan'ny fanorenana tsy ara-dalàna. Tsy manaiky hanara-dalàna sady tsy mahalala ny adidiny amin'ny maha olom-pirenena azy ny mponina ka navadiny ho fanariam-pako, na ranony na ventiny, ny tatatra natao ho an'ny riaka, navadiny ho fanariana ny ranon-dolana na ny maloto isan-karazany avy any an-tranony ireny, ary tsy maharototra velively akory ny olom-boafidy ao amin'ny kaomina na ny fokontany izany.

Dia ahoana moa no tsy hiresahana ny fatiantoka ara-toekarena aterak'ireny asa ety an-tanàn-dehibe ireny ? Any amin'ny tany hafa rehetra any dia ny alina no anaovana ireny asa ireny ; tsy ny mpiasa mihitsy akory no handà ny hiasa alina satria mainka koa aza io hampitombo ny karama kely raisiny ; koa avy aiza àry ny sakana ? Fantatra fa ny renivohitra no mamokatra ny maherin'ny 40%-n'ny

---

ny fepetra voalazan'ny lalàna ka notakiana ny fandravana avy hatrany ny fanorenana dieny vao natomboka ny asa tsy manara-dalàna ? Ny sasany izany tsy nihambahamba akory namefy tamboho, angamba nahazo tsodrano avy amin'ny manam-pahefana raha jerena amin'ny velaran-tany nobodoiny. Misy hafa nanaraka ny diany. Kioska hazo aloha no nanombohany azy avy eo, rehefa nandeha teny ny taona, dia nosoloiny trano vita amin'ny akora mafy. (…) Fotoana azon'ny manam-pahefana hararaotina tsara izao handroahana ireny tsy mpanara-dalàna ireny saingy, raha ny hita aloha hatramin'izao, tsy nanao izany ilay sampan-draharaham-panjakana fa naleony natao sorona ny mpandeha tongotra. Nihatery ny sisin'arabe taorian'ny nahavitan'ny asa fanamboaran-dalana (R.O.I., lah. 392).

2. Fampahatsiahivana nataon'ny kaomina an-tanàn-dehiben'Antananarivo ny tsy fahazoana mampiantsona ny fiara eny amin'ny sisin'arabe natokana ho an'ny mpandeha tongotra ary eny amin'ny sisin'ny arabe mizara ho lalana roa any amin'ny naoty tamin'ny 7 janoary 2019. Jereo ny *L'Express de Madagascar* tamin'ny 10 janoary 2019.

3. « Besarety, mihantona ny asa fanamboaran-dalana. Ny fanohizana ny asa dia miankina amin'ny fitsinjarana ny tatatra ivarianan'ny rano eo amin'ny ampahan-dalana ao Mahavoky Besarety. (…) Mbola hanohy hihoatra sy hiangona eny amin'ny arabe hatrany ny rano raha tazomina amin'ny haavony ankehitriny ihany ilay izy. (…) Mitaky asa goavana lavitra noho izay efa natomboka izany. (…) Efa voadiniky ny Fanjakana ny fahafaha-manao izany. Tena lafo be ilay izy, satria tsy maintsy hisy fakana fananan'olona » (*L'Express de Madagascar*, 6 novambra 2019). « Mikatso ny asa satria misy fotodrafitrasa eo amin'ny fihaonan-dalana ao Andranonahoatra. Tsy maintsy ravana io singa manembantsembana ny fikorianan'ny rano maloto io fa manafaingana ny fahasimban'ny lalana. (…) Momba ny takelaka vita simenitra mandrakotra ny tatatra manoloana ny bara Nounoussy, efa azo antoka izao fa nanaiky ny hanesorana ny takelaka ilay mpitantana an'io fivarotana io mba hahazoana manohy ny asa ». *Midi Madagasikara*, 18 jiona 2019.

harem-pirenena, mba efa noeritreretina ve ny ora fiasana an'hetsiny maro very any amin'ny fitohanan'ny fifamoivoizana tsy misy farany, ny solika very fotsiny sy ny fandotoana ny tontolo iainana aterak'izy ireny ? Fatiantoka ara-toekarena hafa tsy mivantana : ny fanombohana azy, any amin'ny tany hafa any rehefa manamboatra arabe – indrindra ny an'ny renivohitra – dia ny mandevina ny tambajotra (rano, herinaratra, ny fantsona famalanana ny loto rehetra, ny tsorabe mampita hazavana, sns.), na ny manolo izay efa simba na tsy fampiasa intsony. Tsy nisy na iray aza tamin'izany mba natao. Noho izany rahampitso ihany dia holavahina indray ny arabe vao namboarina, ho an'ny fanadiovana…

Tsy hateza na oviana na oviana izay asa vita satria samy mifarimbona hahatonga izany daholo na ny manam-pahefana ara-panjakana tsy miraika, na ny mponina tsy mandray ny adidiny amin'ny maha olom'pirenena azy, na ny orinasa misahana asa vaventy sasantsasany manao tandrevaka. Raha mbola tsy ao ny finiavana hampihatra ny lalàna velona, hitaky ny hanajana ny bokin'andraikitra, raha mbola tsy ao ny fahasahiana hanasazy, dia hijanona ho lavaka be mangotanatana ho an'ny toebola ny fanamboaran-dalana sy ny fotodrafitrasan-dalana. Ary dia mbola hitohy ny fibaben'ny taranaka any aoriana ny vesatry ny trosa.

Antananarivo, 26 desambra 2019